




REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitava - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-257

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-  
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA  
MANOMBOKA NY ALAKAMISY 1 JONA 2023 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 12 JONA 2023**

Fivoriana faha-18  
Natao ny  
Alakamisy 1 Jona 2023  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivelo Sedera  
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Alakamisy 1 Jona 2023, tamin'ny 4 ora sy 20 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 1 Jona 2023 ka hatramin'ny Alatsinainy 12 Jona 2023.

Nitohy ny Alakamisy 1 Jona 2023, tamin'ny 4 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena, ka Ramatoa Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivelo Sedera.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny fiantsoana anarana nataony, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 1 Jona 2023 ka hatramin'ny Alatsinainy 12 Jona 2023, izay novolavolaina tany amin'ny Diniky ny Filoha.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hamaky ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha, ny tenany.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivelo Sedera, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Alakamisy 1 Jona 2023, nanomboka tamin'ny 11 ora sy sasany, atoandro ny «Conférence des Présidents». Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alakamisy 1 Jona tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory. Tapaka tamin'izany fa:

- Hozaraina roa ny fiantsoana ireo Minisitera mandritry ny adihevitra mikasika ny Tatitry ny Governemanta.

- Antsoina koa ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny Minisiteran'ny Asa tànana sy ny Haitao ary ireo Kaomisiona tandrifin'izany mba hiantsehatra amin'ny lahadinika hatao

mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 "Régissant les Sociétés Cooperatives à Madagascar".

- Nisy koa fanovàna noetina teo anivon'ny datin'andro.

Nolanian'ny "Conférence des Présidents" avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alakamisy 1 Jona ka hatramin'ny Alatsinainy 12 Jona 2023 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy 1 Jona 2023 amin'ny 3 ora, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

## **ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **Jeudi 01 Juin 2023** au **Lundi 12 Juin 2023**

### **JEUDI 01 JUIN 2023**

**10H 00:** Réunion des membres du Bureau Permanent. *(Salle BP)*

**11H 00:** Conférence des Présidents- *(Salle BP)*

**15H 00:** SEANCE PLENIERE - *(Salle des séances)*  
- Adoption de l'ordre du jour

### **VENDREDI 02 JUIN 2023**

**09H 00:** TRAVAUX DES COMMISSIONS

- **Commission des Finances et du Budget** *(Saisie au fond)*
- **Commission de l'Economie et de la Planification** *(Saisie pour avis)*
- **Commission de la Population et de la Protection Sociale** *(Saisie pour avis)-(Salle BP)*

-Projet de loi n°004/2023 du 05 avril 2023 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet «Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar», conclu le 16 janvier 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

**09H 00 et 15H00 :** TRAVAUX DES COMMISSIONS

- **Commission de l'Industrie et Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises** *(Saisie au fond)*
- **Commission du Commerce et de la Consommation** *(Saisie pour avis)*
- **Commission des Finances et du Budget** *(Saisie pour avis)*
- **Commission de l'Economie et de la Planification** *(Saisie pour avis)*
- **Commission Juridique** *(Saisie pour avis)*
- **Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche** *(Saisie pour avis)*
- **Commission des Transports et de la Météorologie** *(Saisie pour avis)*
- **Commission de l'Agriculture et du Développement Rural** *(Saisie pour avis)*
- **Commission de l'Artisanat et du Tourisme** *(Saisie pour avis) - (Salle des Séances)*

-Projet de loi n°007/2023 du 03 mai 2023 Régissant les Sociétés Coopératives à Madagascar

**LUNDI 05 JUIN 2023**

**09H 00 et 15H00** : TRAVAUX DES COMMISSIONS

- **Commission des Ressources Stratégiques** (*Saisie au fond*)
- **Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation** (*Saisie pour avis*)
- **Commission de l'Economie et de la Planification** (*Saisie pour avis*)
- **Commission des Finances et du Budget** (*Saisie pour avis*)-(Salle BP)

-Projet de loi n°005/2023 du 12 Avril 2023 portant refonte du code minier (2<sup>ème</sup> Lecture)

SEANCES PLENIERES - (*Salle des Séances*)

**MARDI 06 JUIN 2023**

**10H 00**: - Projet de loi n°004/2023 du 05 avril 2023 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet «Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar», conclu le 16 janvier 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

**15H 00**: - Projet de loi n°007/2023 du 03 mai 2023 Régissant les Sociétés Coopératives à Madagascar

**MERCREDI 07 JUIN 2023**

**10H 00 et 15H00**: - Projet de loi n°005/2023 du 12 Avril 2023 portant refonte du code minier (2<sup>ème</sup> lecture).

**JEUDI 08 JUIN 2023**

**A PARTIR DE 10H 00**: SEANCE PLENIERE - (*Salle des séances*)

**SEANCE DE DEBATS RELATIFS AUX RAPPORTS D'ACTIVITES DU GOUVERNEMENT:**

- Premier Ministre, Chef du Gouvernement
- Ministre de la Défense Nationale
- Ministre des Affaires Etrangères
- Garde des Sceaux, Ministre de la Justice
- Ministre de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers
- Ministre de l'Economie et des Finances
- Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation
- Ministre de la Sécurité Publique
- Ministre de l'Industrialisation, du Commerce et de la Consommation
- Ministre du Travail, de l'Emploi, de la Fonction Publique et des Lois Sociales
- Ministre du Tourisme
- Ministre de la Jeunesse et des Sports
- Ministre de la Communication et de la Culture

- Ministre de l'Enseignement Supérieur, de la Recherche Scientifique
- Ministre de l'Education Nationale
- Ministre de la Santé Publique

**VENDREDI 09 JUIN 2023**

**A PARTIR DE 10H 00: SEANCE PLENIERE** - (Salle des séances)

**SEANCE DE DEBATS RELATIFS AUX RAPPORTS D'ACTIVITES DU GOUVERNEMENT:**

- Ministre des Transports et de la Météorologie
- Ministre des Travaux Publics
- Ministre de l'Agriculture, de l'Elevage
- Ministre de la Pêche et de l'Economie Bleue
- Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures
- Ministre de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène
- Ministre de l'Artisanat et des Métiers
- Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle
- Ministre de Développement Numérique, de la Transformation Digitale, des Postes et des Télécommunications
- Ministre de la Population, de la Protection sociale et de la Promotion de la Femme
- Ministre des Mines et des Ressources Stratégiques
- Ministre de l'Environnement et de Développement Durable
- Secrétaire d'Etat auprès du Ministère de la Défense Nationale chargé de la Gendarmerie Nationale
- Secrétaire d'Etat en charge des Nouvelles Villes et de l'Habitat auprès de la Présidence de la République
- Vice-Ministre chargé de l'Elevage auprès du Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage

**LUNDI 12 JUIN 2023**

**10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent.** (Salle BP)

FICHE DE PRESENCE  
CONFERENCE DES PRESIDENTS

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
3	RAZAFINTSINDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
4	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Présidente
5	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Présidente
6	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
7	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
2	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
3	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore RAHARISOA	GPR

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
01	GPR	MILAVONJY Andriasy Philobert

**Représentants du Gouvernement**

- 01- RASOANARIVO Haja Niaina      Directeur de Cabinet du Ministère Ministère de la Communication et de la Culture
- 02- RAHALISON Adolphe              Directeur des Affaires Juridiques - Ministère de la Communication et de la Culture

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha, Ramatoa Filoha dia nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka niangaviany mba hanangan-tànana izay handray fitenenana.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa BAOFENO Micheline, nanamarika fa ao amin'ny pejy faharoa, eo amin'ny teboka voalohany, amin'ny "Travaux des commissions", "stratégiques" no izy fa tsy "Halieutiques" ary miala ny teny «et de la pêche».

Ramatoa RAHARIMAMPIONONA dia nanambara fa mitovy amin'ny voalazan-dRamatoa BAOFENO Micheline teo ny zavatra saika holazainy.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RASOANAIVO Haja Niaina, solotenan'ny Governemanta dia tsy nanan-kambara momba ny fandaharam-potoana saingy nangataka ny hisian'ny fandaminana amin'ny fanatrehan'ny Minisitry ny Solombavambahoaka. Izany hoe, mety tsy hifanaraka amin'ireo efa voasoratra ireo ny filaharan'ny Minisitry ho tonga eto amin'ny andro voatondro handraisany fitenenana; azony atao ve ny mifandamina momba izay.

Rehefa avy nisaotra ny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 16 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 1 Jona 2023 ka hatramin'ny Alatsinainy 12 Jona 2023.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, araka ny fandaharam-potoana nolaniana teo; nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa rahampitso Zoma 2 Jona 2023, amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera hatao mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2023 tamin'ny 2023 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet, Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar, conclu le 16 Janvier 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement(IDA)» ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, momba ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «Régissant les Sociétés Coopératives à Madagascar».

Fanentanana ny Solombavambahoaka samy havitrika hamonjy ny asam-baomiera no namaranany ny teniny.

Niato tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona